Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA 5 JONA 2020

Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO

IREO FANOHARANA ATAON'I JESOSY

"ZANAKA ADALA". (Lioka 15.11-32)

FEON-KIRA / FEON-JAVAMANENO

Teny fiarahahana sy fampidirana ary vavaka

LIOKA 15.11-32

11Ary hoy Jesosy: Nisy lehilahy anankiray nanana zanaka mirahalahy. 12Ary hoy ilay zandriny tamin-drainy: Raiko, omeo ahy ny anjara-fananana tokony ho ahy. Dia nozarainy tamin'izy mirahalahy ny fananany. 13Ary nony afaka kelikely, dia nangonin'ilay zandriny ny fananany rehetra, ka lasa nankany an-tany lavitra izy, dia nandany ny fananany tamin'ny fiveloman-dratsy tany. 14Ary rehefa laniny avokoa ny fananany rehetra, dia nisy mosary mafy tamin'izany tany izany, ka nahantra izy. 15Dia nandeha izy ka niankina tamin'ny tompon-tany anankiray tamin'izany tany izany, ary dia nirahiny tany an-tsahany hiandry kisoa. 16Ary satriny hameno ny kibony tamin'ny voan-kazo fihinan'ny kisoa, fa tsy nisy nanome azy. 17Ary raha nody ny sainy, dia hoy izy: Indrisy maro ny olona karamain'ny raiko manan-kanina be dia be, fa izaho kosa maty mosary eto! 18Hiainga aho, dia hody any amin'ny raiko ka hanao aminy hoe: Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho 19ka tsy miendrika hatao hoe zanakao intsony; fa ataovy tahaka ny anankiray amin'ny olona karamainao aho.
20Dia niainga izy ka nankany amin-drainy. Fa raha mbola lavitra izy, dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nanoroka azy. 21Ary ilay zanany nanao taminy hoe: Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy miendrika hatao hoe zanakao intsony. 22Fa rainy kosa nanao tamin'ny ankizilahiny hoe: Alao haingana ny akanjo tsara indrindra ka ampiakanjoy azy; ary asio peratra ny tànany sy kapa ny tongony; 23ary ento ny zanak'omby nafahy, ka vonoy; ary aoka isika hihinana sy hifaly; 24fa ity zanako ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray. Dia nifaly izy.
25Fa tany an-tsaha ny zanany lahimatoa; ary nony nody izy ka mby teo akaiky ny trano, dia nandre zava-maneno sy dihy. 26Ary niantso ankizilahy anankiray izy ka nanontany azy izay anton'izany zavatra izany. 27Ary hoy ilay ankizilahy taminy: Tonga ny rahalahinao, ka namono ny zanak'omby nafahy ny rainao, satria efa tafaverina soa aman-tsara ato aminy izy. 28Dia tezitra izy ka tsy nety niditra; ary nivoaka rainy ka nampandroso azy. 29Fa izy namaly ka nanao tamin-drainy hoe: Indro, izay ela izay aho no efa nanompo anao ka tsy mbola nandika ny didinao na dia indray mandeha akory aza; nefa izaho tsy mbola nomenao na dia zanak'osy aza mba hifaliako amin'ny sakaizako; 30fa raha vao tonga kosa io zanakao io, izay efa nandany ny fananan ao tamin'ny vehivavy janga, dia namono ho azy ny zanak'omby nafahy ianao. 31Ary hoy rainy taminy: Anaka, ianao eto amiko mandrakariva, ary anao avokoa izay rehetra ananako. 32Fa mety ny mifaly sy miravoravo; fa ity rahalahinao ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray. AMEN

FANAZAVANA NY SORATRA MASINA

HIRA 417.1 (Nandao anao ela aho Raiko ô)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA.....

HIRA 417.2 (Maniry hanana fiadanam-po)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA.....

HIRA 417.3 (Itambesaran'ny ota natao)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA.....

HIRA 417.4 (Raha tsy mendrika ny ho zanakao)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA.....

HIRA 417.5 (Indro fa tazako ny sandrinao)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

FIRARIANTSOA

FEON-KIRA / FEON-JAVAMANENO